



REPUBLIKANY MADAGASIKARA  
Fivavaha - Tanindrazana - Fandrosoana



REPUBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROAO  
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROAO  
TAONA 2023

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-276

**FANOLORANA AMIN'NY ANKAPOBENY NY VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA  
FAHA-023/2023 MOMBA NY LALANA MIFEHY  
NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA, TAONA 2024**

Fivoriana faha-4  
Natao ny  
Talata 28 Novambra 2023  
- Atoandro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** Ramatoa isany: - RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera  
- ANGELE Solonge

**FOTOANA:** Talata 28 Novambra 2023, tamin'ny 11 ora sy 15 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fanolorana amin'ny ankapobeny ny Volavolan-dalàna laharana faha-023/2023 momba ny Lalàna Mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2024.

Nitohy ny Talata 28 Novambra 2023, tamin'ny 11 ora sy 15 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany, Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra tamin'ny nanatontosany ny fiantsoana anarana, Ramatoa Filoha dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka izay voalaza etsy ambony.

Nambarany ihany koa fa hanampiana ny Solombavambahoaka amin'ny famakiana sy fomba fahazoana ny Volavolan-dalàna Mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2024 no antony anaovana izao fanolorana ny Volavolan-dalàna izao.

Nomarihany fa tsy mbola hiditra amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, fa mihaino ny fanazavana ataon-dRamatoa Minisitra aloha. Any amin'ny Asam-baomiera vao miditra amin'ny antsipiriany mikasika izay voalaza ao anaty Volavolan-dalàna ny Solombavambahoaka. Izany hoe, entanina ny Solombavambahoaka mba ho tonga maro amin'ny fanatrehana ny Asam-baomiera.

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha fitenenana avy hatrany Ramatoa Minisiry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, mba ahafahany manazava sy mampahafantatra ny Volavolan-dalàna laharana faha-023/2023 mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2024 na ny «Projet de Loi n°023/2023 portant Loi de Finances pour 2024».

Fiarahabana ny vahoaka Malagasy rehetra tamin'ny nahatontosana am-pilaminana ny fifidianana Filohampirenena no nanombohan-dRamatoa RABARINIRINASON Rindra Hasimbelo, Minisiry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ny fitenenany.



Manarak'izay, nomarihany koa fa ho fampiharana ny andininy faha-92 ao amin'ny Lalàmpanorenana no antony anaovana izao famelabelarana amin'ny ankapobeny ny volavolan-dalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2024 izao. Nomarihany koa fa efa neken'ny Filankevitry ny Minisitra ity volavolan-dalàna ity tamin'ny faha-30 Oktobra 2023 lasa teo, ka izao entina eto amin'ny Antenimierampirenena hanaovana fampahafantarana izao.

Nambaran-dRamatoa Minisitra fa hiavaka ny taona 2024 noho izy hifanojo amin'ny fiandohan'ny fotoam-piasan'ny Filohampirenena izay ho lany tamin'ny fifidianana natao tamin'ny volana Novambra 2023 lasa teo iny. Maro no mametraka fanontaniana amin'ny zavatra mety hitranga raha tsy mifanojo amin'ny vinan'izay Filoha ho lany eo ity volavolan-dalàna ity na raha miova tanteraka ny firafitry ny Governemanta sy ny Politika hotanterahany.

Izay aloha no itondrana fanazavana mba tsy hampiroaroa saina ny rehetra nametraka izany fanontaniana izany.

Tsara ho fantatra fa ny politikam-panjakana izay efa notanterahana tao anatin'izay 5 taona lasa izay dia ahitana politika fohy ezaka sy lavitr'ezaka. Ny fohy ezaka dia efa hita notanterahana manerana an'i Madagasikara. Ireo tanjona lavitr'ezaka kosa, efa napetraka hatramin'izay ka natao drafitra niaingana namaritana izao volavolan-dalàna izao.

Mikasika ny mety ho fiovàn'ny rafitry ny Governemanta ka mety hanova ny fizotry ny Tetibolam-panjakana amin'ny taona 2024: tsy zava-baovao izany, fa efa matetika miova rafitra eny antenantenan'ny Tetibolam-panjakana ny Governemanta ary efa misy ny zavatra fanao efa voalazan'ny lalàna rehefa mitranga izany. Misy ny atao hoe «décret de basculement de crédits» izay fametrahana amin'ny alàlan'ny didim-panjakana ireo Minisitara vaovao ka afindra any amin'izy ireo ny vola mifanandrify amin'ny programan'asany.

Aorian'izay kosa, azo atao ny manaraka ny voalazan'ny andininy faha-19 ao amin'ny Lalàna Fehizoro mamaritra ny Lalàna Mifehy ny Tetibolam-panjakana na ny LOLF izay hita ao amin'ny Lalàna laharana faha-2004-007 tamin'ny 26 Jolay 2004. Izany andinin-dalàna izany no mamaritra ireo fepetra ahafahana manao ny “mouvements de crédits” na eo amin'ny programa anatin'ny Minisitara iray izany na raha misy fanovàna Tale Jeneraly ohatra na eo amin'ny Minisitara samihafa raha misy mifindra Minisitara vaovao. Izany hoe, tsy tokony hanano sarotra izay fiovàn-javatra hitranga eo fa efa zatra miatrika izany ny Governemanta.

Nambarany koa fa ny namolavolana ity tetibola ity dia miorina amin'ny lalan-tsaina telo lehibe.

Voalohany, mikasika ny fanohanana ara-tsosialy sy fanatsarana ny maha olombelona na ny “renforcement du capital humain”. Nisy fiakarana mitentina 341 Miliara Ariary ny fitambaran'ny tetibola ho an'ny sehatra sosialy amin'ny taona 2024 raha oharina tamin'ny tetibola taona 2023. Tafiditra ao anatin'izany sehatra ara-tsosialy izany ny fanabeazana, ny fampianarana ambony sy ny fampianarana ara-teknika, ny fahasalamana ary ny mikasika ny mponina sy ny rano.

Io tetibola fanampiny io dia napetraka ahafahana mampiasa sy mampihodina ireo fotodrafitrasa natsangana rehetra nanomboka ny taona 2019. Anisan'izany ireo sekoly miisa 946, ireo ivon toerana fitsaboana miisa 122, hôpitaly miisa 13 ary ireo hôpitaly miisa 16 hafa izay eo an-dalam-pamaranana ny asa.

Ny fampihodinana ireo fotodrafitrasa vaovao ireo koa dia mitaky olona vaovao, ka izany no nahatonga ny fitondram-panjakana mikasa handray mpiasam-panjakana miisa 14 466 amin'ny taona 2024. Anisan'izany ny mpampianatra eny anivon'ny sekoly ambanivohitra, ny mpitsabo sy ny mpitsabo mpanampy eny anivon'ny "Centres de Santé de Base Niveau I et II" na ny CSB I sy CSB II, ny mpitsabo mpandidy eny anivon'ny "Centres Hospitaliers de Référence Régionale" sy ny "Centres Hospitaliers Universitaires", ny polisy sy miaramila ary ny zandary hanamafy ny ady amin'ny tsy fandriampahalemana, ny mpiraki-draharaha sy mpitsara hiasa eny anivon'ireo Fitsarana Ambaratonga Voalohany sy ireo orinasam-panjakana natao hiady amin'ny kolikoly ary ny mpandraharaha eny amin'ny fonja.

Anisan'ny fepetra noraisina ihany koa, entina hanatsarana ny sosialy, ny fanomezan-danja ireo mpampianatra sy mpiasa misehatra amin'ny Fanabeazana amin'ny alàlan'ny fampiakarana ny tambin-karama na ny "indemnités"-n'izy ireo sy ny mpampianatra FRAM.

Faharoa, fanohanana ireo seha-pamokarana sy ny indostria izay miantefa mivantana amin'ny harin-karena faobe na ny "industrialisation et croissance économique". Misy fepetra nosoratana manokana ao anatin'ity volavolan-dalàna ity mba hoentina hanampiana ireo sehatra tsy miankina. Anisan'izany ny fampiakarana ny tetibola natokana ho an'ny fampiroboroboana ny tontolo ambanivohitra na ny «développement rural» izay nampiana 77 Miliara Ariary raha oharina tamin'ny tetibola taona 2023. Handray mpiasam-panjakana vaovao «ingénieurs agronomes» sy "techniciens agricoles" ary injenieran'ny tontolo iainana sy ny angovo azo havaozina sy mpiambina ny morontsiraka, renirano ary valan-javaboary koa ny fanjakana.

Ho fisarihana ny sehatra tsy miankina mba hiroso amin'ny fampiroboroboana ny indostria eto an-toerana dia hisy ny fanafoanana ny haba amin'ny fanondranana harena an-kibon'ny tany (droit de sortie) ka nametrahana hetra tokana ahitana haba manokana sy hetra ho an'ny vokatra avy amin'ny harena an-kibon'ny tany. Hitambatra ao anatin'izany hetra tokana izany ny vola ampidirina any amin'ny "douane" sy ny "mines" ary amin'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana. Hametraka birao tokana na "guichet unique" miandraikitra ny fanondranana ny vokatra avy amin'ny harena an-kibon'ny tany mba hanamora ny asan'ny mpandraharaha koa ny fanjakana mba hanomezana antoka ny fahamarinan-toerana mandritra ny 5 taona (garantie de stabilité) amin'ny alàlan'ny didim-panjakana iarahan'ny Minisitery miandraikitra ny Harena an-kibon'ny Tany sy ny Minisitery miandraikitra ny Fitantanam-bola.

Hisy fampihenana 30% koa ny haba sy ny hetra manokana raha toa misy ny fanodinana ifotony ny vokatra avy amin'ny harena an-kibon'ny tany. Izany hoe, ho lasa 3,5% ny tahan'ny hetra fa tsy 5% intsony raha manodina eto an-toerana ny orinasa iray.

Nisy fanitsiana ny famaritana ny fampiasam-bola ankapobeny (révision de la définition de l'investissement) ihany koa mba ahafahan'ireo sehatra sasany hisokatra amin'ny mpampiasa vola tsy miankina. Anisan'izany ny sehatry ny fitrandrahana madinika, ny volamena, ny jono madinika, sns.

Notanisaina tao koa ireo fepetra maro, toy ny fanomezan'ny Fanjakana antoka amin'ny fiarovana ireo mpampiasa vola amin'ny resaka fakàna an-keriny mivantana na ankolaka ny fananan'olona ary ny fahalalahana amin'ny famindrana na ny "liberté de transfert".

Fahatelo, ny fanamafisana ny fitsinjaram-pahefana sy ny fitantanana mangarahara. Ho an'ny taona 2024, nampiana 69 Miliara Ariary raha oharina tamin'ny taona 2023 ny tetibola natokana hanohanana ireo vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana. Ho fanavaozana ny fidiram-bolan'ireo Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana dia napetraka ny «tarification» vaovao ho fampiharana ny Lalàna laharana faha-2014-020 mikasika ny loharanom-bolan'ireo vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana. Efa tamin'ny taona 2014 no nisy izany lalàna manome fidiram-bola ho an'ny CTD izany saingy teo anelanelan'ny taona 2014 sy ny taona 2023, tsy nisy nanao ny “tarification” intsony ka ity volavolan-dalàna ity no hanatanteraka izany.

Ankoatr'izay, hovinavinaina hitombo roa ny isan'ny Faritra eto Madagasikara manomboka ny taona 2024, ka efa misy tetibola mifanaraka amin'izany ao anatin'ity volavolan-dalàna ity. Hisy fiakarana 16,66% ihany koa ny “subvention” natokana ho an'ny Kaominina. Izany hoe, raha 30 Tapitrisa Ariary izany tamin'ny taona 2023 dia hiakatra 35 Tapitrisa Ariary izany ho an'ireo 1592 Kaominina manerana ny Nosy.

Momba ny harin-karena faobe kosa, araky ny fandinihan'ireo sampandraharaha mandinika izany dia azo vinavinaina hahatratra 4,5% izany ho an'ny taona 2024 raha toa heverina ho 4% ihany izany amin'ny faran'ny taona 2023. Anisan'ny ahafahana hanatratra izany tanjona izany ny fampiharana ny lalàna vaovao mifehy ny fampiasam-bola, ny lalàna vaovaon'ny “Code Minier”, ny lalàna vaovaon'ny sehatry ny fifandraisan-davitra ary ny fiaboroboan'ny fizahantany.

Raha ny fidiram-bola kosa no asian-teny, ankoatran'ny famatsiam-bola vinavinaina ho azo amin'ny mpiara-miombon'antoka dia vinavinaina hiakatra ihany koa ireo vola miditra avy amin'ny hetra anatin'ny sy eny ambaravarana. Hahatratra 10 179,71 Miliara izany, izay ahitana fiakarany eo amin'ny 13% raha oharina tamin'ny taona 2023.

Mikasika ny firafitry ny Volavolan-dalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2024 manokana, tsara ny manamarika fa nitondrana fanavaozana lehibe ny Tovana faharoa na ny “ANNEXE 2” ao amin'ny “Tome I”, izay ahitana manomboka izao ny antontan-kevitra mirakitra ny tanjona ara-pahombiazana ho an'ireo Andrimpanjakana sy Minisitery rehetra na ny “Document de Performance” izay tsy afa-misaraka intsony amin'ny “documents budgétaires” isaky ny “Loi de Finances”.

Azo lazaina hoe Tondrozotra ho an'ny fitantanam-draharaham-panjakana izany ary koa fitaovana hoenti-maneho ny fangaraharaha ho an'ireo mpiara-miombon'antoka satria dia voarakitra ao avokoa ireo tanjona sy mari-drefin'ny fahombiazana isaky ny programan'asampanjakana ho an'ny taona manaraka manoloana ny tetibola ekena hampiasainy.

Nohavaozina izy io satria hita fa zava-dehibe loatra ny hevitra fonosiny kanefa azo lazaina fa sarotra vakiana ho an'ny olona ivelany sady sarotra refesina ny mari-drefy voalaza tao anatin'ny taloha. Ankehitriny, ezahina ho tsotra sy mirindra ary mazava ho an'ny olom-pirenena, ny Parlemantera ary ny mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy arabola amin'ny Fanjakana ny endriny.

Ny fomba nanoratana azy koa dia nahohezina ho tsotra, ka raha teo amin'ny 700 pejy izy teo taloha, lasa latsaky ny 100 pejy izany ankehitriny kanefa feno ary nohatsaraina hatrany ny votoatiny.



Ny tanjona dia ny ahafahan'ireo mpanapakevitra sy ny Parlemantera mifantoka amin'ny tanjona sy vokatra andrasana isaky ny Minisitery mampiasa ny tetibola.

Nanao izay tratan'ny heriny ireo teknisiana tamin'ny nandrafetana ity Volavolan-dalàna ity, satria nandalo dingana maro ny nandrafetana azy ary nandraisan'ny rehetra anjara. Anisan'izany ny Vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefana, ireo tomponandraikitra teny ifotony tamin'ny alàlan'ny "Conférences Budgétaires Régionales". Nandraisan'ireo Minisitery sy Andrimpanjakana rehetra anjara ihany koa izany nanditra ny "Conférence de Budgétisation et de Performance". Tsy hadino koa ny nampandray anjara ireo sehatra tsy miankina sy ireo Fiarahamonim-pirenena tamin'ny volana Aogositra 2023 lasa teo.

Inoana fa hizotra ao anatin'ny fifanajana sy ny firahalahiana tanteraka ny dinidinika hatao any amin'ny Asam-baomiera ary mba tena hitondra vokatsoa ho an'ny firenena sy ny mpiara-belona izay rehetra tapaka aorian'izany.

Izay hoy, Ramatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, raha ampahafantarina amin'ny ankapobeny ny Volavolan-dalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2024.

Nisaotra ny rehetra ny tenany naharitra nihaino azy tamin'ny famelabelarana nataony.

Fisaorana an-dRamatoa Minisitry tamin'ny famelabelarana narosony koa no nasetrin-dRamatoa Filoha, ny teny nataony.

Rehefa izany, nampahatsiahy ny tenany, fa any amin'ny Asam-baomiera vao miditra amin'ny antsipiriany ny momba ny Volavolan-dalàna ny Solombavambahoaka. Nomarihan-dRamatoa Filoha, fa manomboka androany avy hatrany izany Asam-baomiera izany. Taorian'izay, nanentana ny Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola koa ny tenany mba hampivory ireo mpikambana ao amin'izany Vaomiera izany mba ahafahana mandinika tsara ity volavolan-dalàna ity.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy Ramatoa Filoha, fa hisy ny Asam-baomiera hatao aorian'izao fivoriambe izao handinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-023/2023 "portant Loi de Finances pour 2024" ary mbola hitohy amin'ny 3 ora, tolak'andro, koa izany.

Niato tamin'ny 11 ora sy 50 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



**RAZANAMAHASOA Christine Harijaona**